Rajao sy ny ekipany
# Tsy hadio lamba amin'ny vahoaka intsony 6


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 14 jolay 2018 Laharana 788 Vidiny : 400 Ar


Isaia 42: 8-9 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Mondial 2018 4

# Ry Mbappe na ry Modric no hibata ny amboara



Mpianatra tratry ny manara-mody 6

# Mitrifana isaky ny mena masoandro



CUA 2

## Anisan'ny misitraka betsaka ny tetikasa PRODUIR



Mahaiza Vakinankaratra 4

## Tovolahy iray niharan' ny fitsaram-bahoaka

Akaiky fifidianana sy fanadinana 2

## Tsy misy ny karapa-nondrom-pirenena

Vidin'ny atody akoho 7

## Tafakatra 400 Ar latsaka eny am-potony

Daka kely

Misehoseho fotsiny sisa kay nareo Raforce nefa tsisy pouvoir intsony a !

Vola taratasy maro karazana 6

## Tena miteraka olana sady manahirana ny vahoaka



CUA

# Anisan'ny misitraka betsaka ny tetikasa PRODUIR

Natomboka tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy omaly ny tetik'asa PRODUIR, tetikasa lehibe fampandrosoana maharitra sy ny fanohizana izany eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ireo Kaominina manodidina na Grand Tanà. Anisan'ny tonga nanokatra izany lanonana izany, nisolotena ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny Lefitra voalohan'ny Ben'ny tanàna, kolonely Emilien Ramboasalama sy ny Ministry ny fanajariana ny tany sy ny fananantany, Christine Razanamahasoa ary ny Solontenan' ny avy ao amin'ny Banky iraisampirenena Coralie Gevers sy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny. Nanambara ny lefitra voalohan'ny Ben'ny tanàna, kolonely Emilien



Ramboasalamana mahakasika ny tetik'asa, fa tafiditra ao anatin'ny vinan'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana izany satria fijerena ny sosialim-bahoaka, ka samy tafaray ny tia sy ny manina. Marihana fa anisan'ny nanome toromarika ny fijerena eny amin'ny toerana iva ny ben'ny tanàna. Tombony azon' ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'izany dia ny fanofanana momba ny "recouvrement fiscal" na fampidiran-ketra, mba hampakarana ny hetra miditra amin'ny fiadidiana ny tanàna. Avy amin'ny alalan'ny Ministeran'ny fanajariana ny tany no niantohan'ny tetik'asa ary ny kaominina Antananarivo Renivohitra no tena hahazo tombontsoa betsaka amin' izany, ny ao anatin'ny Boriboritany 1,4,6 no tena vokasik'izany tetik'asa izany. Ny Lankandrano C3 izay mahazo eo Anosy hatrany Ambodimita sy ny lemaka eto Antananarivo toy ny etsy amin'ny Lakandranon' Andriantany GR, izay mbola miitatra amin'ny kaominin'i Bemasoandro Itaosy, Andranonahoatra sy Anosizato Andrefana no hamboarina amin'izany. Ny tanjona dia hitsinjovana ireo olona eny amin'ny faritra iva sy ny fanalalahana ny lakandrano fivarinan'ny rano mba hialana amin'ny fiakaran'ny rano… 75 tapitrisa dolara amerikana no famatsiambola avy any amin'ny Banky iraisampirenena anatanterahana ny tetik'asa ary 5 taona no faharetan'ity tetikasa "PRODUIR" ity. Ao anatin'ny tetik'asa dia marihana fa miteraka asa ho an'ny olona miisa 60.000 isandro izany.

***Isambilo***

Afaka 17 andro

# Hanomboka ny filatsahan-ko fidiana filoham-pirenena

Taorian'ny tenin'ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC), Jean Eric Rakotoarisoa teny Anosy, fa afaka 17 andro dia misokatra ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-ko fidiana ho filoham-pirenena amin'ity taona ity, dia efa sesilany ny fivoriana etsy sy eroa, ary samy mametraka ny paik'ady avokoa hiatrehana izay fifidianana izay eto amintsika amin'ity taona ity. Hisokatra ny 1 Aogositra 2018 ho avy izao tokoa ny firotsahana ho kandida hatramin'ny 21 Aogositra. Ny 26 Aogositra no hivoahan'ny lisitra ofisialy, ny datin'ny 8 Oktobra hatramin'ny 6 Novambra ny fampielezankevitra fihodinana voalohany. Ny 7 Novambra 2018 ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany, ary ny 19 Desambra 2018 kosa ny fihodinana faharoa. Ny datin'ny 28 Novam-



*Jean Eric Rakotoarisoa, filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana*

bra 2018 no tokony hivoaka ny voka-pifidianana fihodinana voalohany ary ny 19 Janoary 2019 kosa ny valim-pifidianana fihodinana faharoa raha hisy. Raha toa ka mbola ho kandida filoham-pirenena i Hery Rajaonarimampianina dia miala roa volana mialoha, izany hoe miala ny 7 Septambra 2018 ho avy izao. Andrasana arak'izany ireo kandida vonona hiatrika fifidianana filoham-pirenena amin'ity taona ity.

***Rajo***

Antsirabe

# Mitokona koa ny mpampianatry ny teknika

Tohivakana ny fitokonana ao Vakinankaratra ao hatramin'izao. Mbola manohy ny azy ny ministeran'ny fampianarana ankapobeny ary dia nanao ny azy koa ny fampianarana teknika. Nivoaka tamin'ny fahanginany ary ny fianakaviamben'ny fampianarana teknika eto Vakinankaratra, ka nilanja sorabaventy manerana ny tanàna teto Antsirabe nanehoana ny fitokonana sy ny fitakian'izy ny alakamisy teo. Saika ireo mpampianatra sy mpandraharahan'ny fampianarana ankapobeny foana no nanao hetsika fitokonana teto Antsirabe hatramin'izay, fa io omaly io vao hita koa ny fampianarana teknika. Ho an'ireto farany aza, dia niavaka satria tsy ny mpampianatra irery no tonga teo fa nanampy tosika koa ny fikambanan'ny ray amandrenin'ny mpianatra. Antony mbola tsy nanaovan'izy ireo hetsika tahaka ity hatrizay, raha ny fanazavana hatrany, dia nisy ny solontenan'izy ireo sy ny sendika, izay nalefa hihaona tamin'ny tompon'andraikitra tany amin'ny ministera foibe, saingy nandamoka izany. Ny talata lasa teo, dia nifamory ny mpampianatra eo anivon'ny fampianarana teknika rehetra teto Vakinankaratra sy ny raiamandrenin'ny mpianatra ary tapaka teo ny hisian'io hetsika io. Raha bangoina ny fitakian'izy ireo, dia ny fandraisana ireo mpampianatra "vacataires" rehetra tsy anakanavaka ho mpiasam-panjakana satria ambaran'ireto mpanao fitakiana ireto fa tsy misy afatsy 1500 isa monja no mba anjara nomena azy ireo ary vitsy izany miohatra amin'ny fampianarana ankapobeny. Eo ihany koa mazava loatra ny fitakiana ny sata manokan'ny mpanabe izay iraisany amin' ny fampianarana ankapobeny io fitakiana io. Isan'ny nampimenomenona ireto mpampianatry ny teknika ireto kosa anefa teto Antsirabe io omaly io, ny fandalovan'ny ministry ny fampianarana teknika teto Antsirabe. Niandry ny mba hihaona amin'ny ministra ireto mpampianatra ireto, ary niandry teo amoron-dàlana izay tsy maintsy alehan'ny ministra, saingy dia nandalo tokoa ny ministra fa tsy nijanona teo. "Aminay, dia tsy fahavononana hihaino sy hiresaka izany raha mandalo eto ianao ramatoa ministra nefa tsy nijanona kely akory. Aza hadino fa ny mpampianatra rehetra ampian'ny raiamandrenin'ny mpianatra ireto manao fitakiana ireto", hoy ny solontenan'ireo mpanao fitakiana. Ankoatra izay dia takian'ireo mpampianatra koa ny hanalana faran'izay haingana ny talem-paritry ny fampianarana teknika eto Vakinankaratra. Tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny zava-drehetra eo anivon'io fampianarana io eto Vakinankaratra, raha ny nambaran'izy ireo, ary hatramin'ny sonia mba ilaina amin'io tale ankehitriny io aza no fampifilafilana vao azo izany. Manginy fotsiny ny filazana fa tsy misy mangarahara raha ny fitantanan'io tale io. Hitohy io hetsika io, ary amin'ny alatsinainy ho avy izao, dia hiantso ny mpianatra rehetra ry zareo mpampianatry ny teknika ary hisy hetsika lehibe hataon'izy ireo.

***Lezama***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Very fanahy mbola velona ny Malagasy

Efa ho tapitra tsy ho ela ity ny fotoam-piasan'ny filoha Hery Rajaonarimampianina fa dia tsy misy mangirana hatrany ny fiainan-dRamalagasy. Nilaza moa ity farany fa mbola miantraika tamin'ny fitondràna tarihiny hono ny tarazo napetraky ny fitondràna nifandimby teto nandritra ny 50 taona, ka vao manarina izany izy ankehitriny. Tena fialàna bala araka ny fitenin'ny tanora izany fa ny hita dia tsy mahavita azy, tonga tampoka teo amin'ny fitondràna i Hery Rajaonarimampianina dia tsy nanana vina entina hampandroso an'i Madagasikara, Tip top no betsaka sy ny blà, blà. Minisitry ny vola tamin'ny fitondràn'ny mpanongam-panjakàna Andry Rajoelina, ary filohan'ny filan-kevi-pitantanan'ny orinasam-panjakàna ny Air Mad no andraikitra notanan'i Hery Rajaonarimampianina farany talohan'ny naha filohampirenena azy. Andraikitra lehibe no notanan'ity farany tamin'ny fitondràna tetezamita io, tsy afabela mihintsy izy milaza amin'ny vahoaka fa hoe tsy nanapotika ny firenena. Tadidio fa ny fanonganam-panjakàna notarihin'i Rajoelina Andry sy ny forongony no tena nampidi-kizo ny firenena teto ary naha fadiranovana ny vahoaka Malagasy toy izao; Rajaonarimampianina ao anatin'izany. Zao lasa very fanahy mbola velona ny Malagasy, tsy hitany intsony izay atao. Ny olona nampitondra faisana ny firenena ho any andavaka indray no miseho azy fa hanavotra azy amin'ny lainga marivo tototra anambakàna ny vahoaka sahirana. Samy voasazin'ny firenena Afrikana avokoa na i Andry Rajoelina na i Hery Rajaonarimampianina, tompon'andraikitra amin'ny fampahantrana ny Malagasy daholo, ka tsy ho tratry ny indroa hahita ny maizina eto intsony ny vahoaka fa hahay hisafidy izay hitondra azy.

***Helisoa***

Akaiky fifidianana sy fanadinana

# Tsy misy ny karapanondrom-pirenena

Tena vonona amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy io ve ny fitondràm-panjakàna ankehitriny ? tena vonona hiatrika ny fanadinam-panjakàna izay tadiaviny atao amboletra ihany na dia tsy mivaha aza ny olona eo amin'ny fanjakàna sy ny mpampianatra mpanabe ve? Ireo no fanontaniana manitikitika ny olom-pirenena maro ankehitriny satria toa ny mifanohitra amin'ny zavatra misy no hitan'ny vahoaka. Inona no azo atao raha tsy manana karapanondro hoentina mifidy ny olom-pirenena ? Raha ho an'ny kaominina Alasora Antananarivo Avaradrano manokana no jerena dia efa ho roa volana sy tapany no tsy nisy fanaovana karapanondro vaovao. Mimenomenona avokoa ireo hanavao ny karatra na hanamboatra vaovao, ka ny maro amin'izy ireo ankizy vao feno 18 taona hanala fanadinana BEPC sy BAC. Ka raha tena vonona hiatrika fifidianana araka ny nambarany tokoa ny fitondràm-panjakàna araka ny nambaran'ny praiminisitra Ntsay Christian dia tokony ny karapanondrom-pirenena hoentina mifidy aloha no tokony ho vonona voalohany indrindra. Hita eto fa mbola ho sarotra ny raharaha, ny hirariana dia enga anie mba ho fifidianana filohampirenena madio tsy hampisy korontana no ho hisy eto Madagasikara mba tsy hidiran'ny firenena ao anaty kizo indray.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rajao sy ny ekipany : tsy hadio lamba amin'ny vahoaka intsony

May volon-tratra ka tadiavina avokoa ity izay hirika rehetra hisehoana fa tena miasa ary mitsinjo vahoaka Rajaonarimampianina Hery sy ny ekipany ao anaty Hvm. Na izany mankany amin'ny toerana samihafa sy sehatra isan-karazany izay azo isehoana rehetra na ireo olona fidiana horaisina eny an-dapa. Ny tanjona ao anatin'izany dia tsotra, ny hanadio lamba sy mikendry haka ny fon'ny vahoaka. Rehefa tazanina anefa, indrindra amin'ireny fotoana samihafa isehoany imasom-bahoaka ireny, dia hita miharihary, fa lavitra azy amin'ny ankapobeny ny vahoaka. Raha refesina amin'ny fomba fanao fitsapana na "sondage" ireny dia fantatra avy hatrany fa ho ambany ny taha ho azony miohatra amin'ny hafa izay mety ho mpifaninana aminy. Ny vahoaka rehefa manakifika mpitondra izay dia tsy miverina intsony iny, na misy politika maty paika na izay fomba rehetra atao aminy eo. Ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy dia mamantsika ao andohany fa Rajaonarimampianina sy ny ekipany dia tsy nifofotra afatsy izay tombontsoany aloha vao ny hafa na ny vahoaka. Leo ny resabe sy fampanantenana poak'aty hatramin'izay niakarany teo amin'ny fitondrana ny Malagasy. Sorena sy marary fo izy amin'ny fakàna an-keriny ny taniny ataon'ny mpanambola, kanefa tsy nahitana teny na dia kely monja ny amin'izany ny filohan'ny Repoblika ity. Oviana ny fitondrana no nametraka ho laharam-pahamehana ny zava-dehibe tena marary amin'ny Malagasy, dia ny vaky fasana sy halatra taolampaty ? Tsy nisy, fa mody izay mpangalatra kely ihany no tratra, fa ny trondro vaventy sy ny ati-doha amin'io raharaha maizina io tsy re, tsy fantatra sy tsy hita an-taonany maro izay. Ny famahana olana ny resaka sosialim-bahoaka efa iaraha-mahita rahateo, fa kely endaka tsy mahita mangirana amin'izay vahaolana ny fitondrana. Ny fifidianana sisa no hany ifaharana mafy sy anaovana teny tsara lahatra kanefa ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka aza tsy mbola mipetraka akory. Tsy resaka mandeha isan'andro ve ny hoe tsy niova ny Ceni ary sarotra ny hatoky azy? Olona notendren'i Hery Rajaonarimampianina mantsy ny ankamaroany, ary tsy nisy ny fanovàna. Fandrebirebena vahoaka fotsiny ny amin'izay mety hisian'ny mpanara-maso na eto an-toerana na avy any ivelany fa izay tompon'ny laka ihany no manoritra izay ho fivoakany eo. Efa fahita teto izany ka tsy hisy azo hofitahina eo. Tsy hita mihitsy koa izay finiavan'ny fitondrana hiroso amin'ny fanovàna mazava izay notakian'ny vahoaka teny an-kianja, fa odiana manao zavatra hafa hanodinana ny sain'ny vahoaka fotsiny no atao eto amin'izao fotoana izao. Tsy hadio velively ny lamban'ny fitondrana noho ireny sehon-javatra maro samihafa ireny, ary indrindra ny zava-nitranga tamin'ny 21 Aprily, mbamin'ny nitranga vao tsy ela izay teny amin'ny Polytechnique Vontovorona nanaovana herisetra ny mpianatra ireny. Hita ho miha miverina io fomba fiasa ratsin'ny fitondrana Rajaonarimampianina io ary handoto hatrany ny lambany. Ho very maina sy lany andro fotsiny, ary ho diso kajy…

***Sôh'son***

### Valavato-Manohisoa, Betafo

## Manomboka milamina ny tanàna

Raharaha nahasarika ny sain'ny maro ny fifanafihan'ny mponina avy ao amin'ny kaominina Ambohimasina ny sy tao amin'ny tanànan'i Antsahondra-Valavato, kaomnina Manohisoa, samy distrikan'i Betafo. Raha ny vaovao farany azo avy tany an-toerana dia mbola tsy nino ny fanamarinana nataon'ireo olona 4 natao solontenam-pokonolna nanao ny fisavana ireo trano tano Antsahondra ny Alarobia lasa teo ny mponina ka mbola nandrahona ny hanafika sy handoro hatrany ny tranon'ireo olona tao Antsahondra. Efa nidina tany an-toerana mihitsy moa ny Préfén'i Vakinankaratra sy ny lehiben'ny mpitandro filaminana ny Alakamisy 12 Jolay lasa teo, nanao ny fandaminana saingy tsy mbola nilamina ny mponina Ambohimasina fa mbola nivory indray ireo zazamena sy zazamainty mbola nikasa ny handrava ny Tanana indray omaly. Niantso ny mpitandro filaminana indray ireo lasibatra ka nidina tany an-toerana indray izy ireo ary nandray antanana ny fandaminana mba tsy hisian'ny fifandonana. Raha ny tatitra netin'ny lefitry ny kaomandàn'ny kaompanian'i Mandoto dia notsinjaraina tsi-folofolo ireo vahoaka niakatra teny Antsahondra ka netina niditra nisava ny trano rehetra mba ho samy manamarina. Taorian'izay vao nino ireo mponina fa tsy nahita n'inona n'inona avokoa ireo nijery. Raha ny tatitra ihany dia nilamina aloha ny any an-toerana aloha hatreto ary tsy nisy ny fifandonana. Raha tsahivina dia resaka halatra olona sy fakana taova no nahatonga ny savorovoro nohon'ny filazan'ny tovolahy 18 taona iray, antsoina hoe Rakotomalala Nirina Celestin izay voalaza fa very ary nitantara fa nogiazana sy nohidiana tamin'ny trano iray misy lakavy rehefa avy nofafazana ranonjavatra mamofona toy ny gazy ka tsy nahatsiaro tena intsony. Nilaza fa tafatsoaka moa ity zazalahy ity ary nilaza fa mbola misy zazavavy maromaro voatazona ao amin'ilay trano ka izay no naharomotra ny mponina Ambohimasina. Ankoatra izay dia ambaran'ireo mponina fa tsy fantatra mazava ny mampanam-bola ireto olona mpiavy ireto satria manana fiara tsy mataho-dalana maromaro izy ireo no sady toa mikirakira volabe ihany koa. Ankoatra izany moa dia nambaran'ireo mponina ihany koa filazana fisiana fatin'olona efa miisa 6 izao, hita faty eny amin'ny manodidina eny, nefa rehefa jerena dia tsy mponina eny akory izy ireo ary saika mitovy hatrany koa ny zava-miseho amin'ireo razana hita, dia ny tsy maha eo ny mahalehilahy azy ireo sy ny fahitana ratra ambany heliky ny maty ary mbola namafisina fa vao tapabolana izay, dia nisy zazalahikely vao 2 taona very, ary efa razana koa vao nisy nahita ary dia toy ny nahazo ireo razana teo aloha no hita taminy. Efa tonga tany an-toerana nanao ny fisavana ihany koa moa ny mpitandro filaminana sy ny lehiben'ny distrikan'i Betafo ny Alarobia 11 Jolay lasa teo, ary efa voamarina tamin'izany fa tsy nahitana zavatra nampiahiahy aloha tao amin'io toerana io. Ireo mponina ao Ambohimasina anefa, dia nanamafy tsara fa hatramin' ny fotoana nipetrahan' ireo olona ao amin'ny toerana teny, dia misy tranga nampiahiahy hatrany niseho. Fantatra kosa aloha araka ny nambaran'ilay lehiben' ny toerana fa manao aferam-bato ihany koa izy ireo ao amin'io toerana io, ka nambaran'ny mponina ao Ambohimasina fa mety misy zavatra hafahafa ao. Andrasana indray araka izany no mety ho tohin'ity raharaha ity satria dia nilaza ny hitory ny mponina ambohimasina ireo mpiavy ireo, nohon'ny fahasimban'ny fiarany sy ny fikasana hamono azy ireo ihany koa.

***Lezama***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsiaro R


## NY TENY FIAINANA

*Matio 12:12*

*Ary tsy mihoatra lavitra noho ny ondry va ny olona? Koa amin'izany dia mety ny manao soa amin'ny Sabata.*

### Ady tany amin'ny QMM

## Be kintana roa any an-toerana handamina ny disadisa

Tsy mbola nahitana vahaolana ny disadisa mahakasika ny vidina tanin'ireo mpamboly any amin'ny Rio-Tinto/QMM any Faradofay. Miezaka ny mandravona ireo tomponandraiki-panjakana saingy tsy mahavoavaha. Ny Rio-Tinto/QMM manao azy ho tompony, sahy tsy miraharaha ny tarainan'ireo fokonolona. Vidina tany mifono hafetsena no tsapa fa mahatonga ny disadisa tsy ho voavaha ary dia lasa olana goavana ifampitondrana amin'ny tribonaly ka nahatonga ireo solontenampokonolona 4 mirahalahy nofatorana rojovy, nampidirina am-ponja ihany koa. Tsy manaiky ny fanaovan'ny tomponandraikitra didy kofehy lehibe ny olom-boafidy any an -toerana. Ny marainan'ny alakamisy teo, nihaona tamin'ireo solontenampanjakana voakasik'ity raharara ity ny iraky ny fitondrana foibe, nahitana be kintana CEMGAM sy FIGN foibe.

***Mangarahara***

## facebook NY VALOSOA

### Mifandrombaka ny rehetra miara-maka sary amin'i Dada



**Arp Helisoa** : tsy maintsy maka sary fahatsiarovana rehefa mahita ny filoha Marc Ravalomanana, mifandrombaka ny rehetra miara-maka sary amin'i Dada, eto dia ireo Dorkasy no miara-maka sary aminy teny Imerinkasinina.

**Rivonala Razafison** : mampitombo ny aretim-poko ny sarinao ry madama. Hahaha!! Hafa ihany Pdt Ravalomanana. Resaka diakona izy izany. Taiza io?

**Ny Aiko Andraina Tsaratia** : teny an-tanàna izany sary izany.

**Mandimby Andriamadison** : Président cool !!! Président ny rehetra tokoa : ny lehibe, ny tanora, ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy koa,...

**Michel Jacques Rakotozafy** : SAMBATRA ISIKA MANAN'AN'I DADA. Izy no fanantenana ho an'ny vahoaka maro.

**Juliette Ranaivoarisoa** : Hafa ihany dada, io avao ro antsika.

**Ny Aina Rhg** : tanànanay e! Izy ihany no tena hanarina sy hitondra fampandrosoana haingana, efa hita izany nandritra ny 7 taona nitondrany.

**Halihanta Ramboarivelo** : fivorian'ny dorkasy teny @ tanàna e!

**Malalanirina Rahaingoson** : Faly be daholo NY dorkasy nihaona tamin'i Dada.

**Germaine Razafy** : tena olon'ny finoana, sy olon'ny rehetra tokoa ity filohantsika ity.

**Koto Andriamisaina** : tsy ny Dorkasy ihany no mifandrombaka miara-maka sary amin'i Dada, fa na ny ankizy, na ny tanora, na ny lehibe, n any antitra dia akaiky azy avokoa.

**Jeanne Rakotomena** : ny vehivavy no anisan'ny be hifidy an'i Dada amin'ny fifidianana Filoha ho avy.

**Kanto Nasandratra** : Ravalomanana avao, izy avao ilay efa nampandroso.

### Amboara volamenan'ny Mondial 2018

# Na i Mbappe, na i Modric sy ny tariny no hahazo azy

Rahampitso no hanatontosana ny lalao famaranana fiadiana ny tompondaka erantany andiany faha 21 amin'ny baolina kitra tontosaina any Rosia ao amin'ny kianjan'i Lujniki Moscou, izay hikatrohan'i Frantsa sy Croatie. Amin'ny ankapobeny dia sarotra ny vinavina satria samy manana ny maha izy azy ny Frantsay sy ny Croate izay tsy misy azo ambaniana satria raha ny Tricolore Frantsay ohatra dia nanintsana ny Argentin sy ny Belza, ny Croate kosa dia nanintsana ny Anglisy teo amin'ny antsasadalana. Tsy nisy nanampo ny fitrehan'ireto ekipa 2 ireto ny famaranana satria nirona tany amin'i Bresil sy Argentine ny ankamaroan'ny mpitia baolina kitra Malagasy . Raha ny fanadihadiana natao teto Antananarivo dia mirona mankany amin'i Frantsa ny safidin'ny ankamaroan'ny maro , saingy na izany aza misy koa ny mirona mankany amin' ny Croate satria matoa tafakatra amin'ny famaranana dia mahay no dikan'izay. Fantatra fa samy handahatra ireo mpilalao sangany ao aminy ireto ekipa tafita amin'ny famaranana ireto. I Frantsa dia ahitana an'i Antoine Griezman, Paul Pogba, Kylian Mbappe, Hugo Lorris, Umtiti sy ireo namany, ny Croate indray dia misy an'i Modric, Rakitic sy ny namany. Mipetraka ny fanontaniana ny tarik'i Mbappe sy Modric no handrobaka ny amboara volamena ? Fantatra fa hanaraka ny famaranana amin'ny alalan'ny « Ecran Géant » ny any Frantsa, indrindra ny ao Paris, ka mpitandro filaminana an'arivony no hahetsika mba hanaramaso sao misy ny manao ny asa fampihorohoroana . Tsiahivina fa efa nifandona i Frantsa sy Croatie tany amin'ny Mondial 1998 tany Frantsa ka ny Frantsay no nandresy tamin'ny isa 2 no ho 1 tamin'izay fotoana izay. Tsy mitovy anefa ny tamin'ny taona 1998 sy ny taona 2018 . Ho an'i Croatie manokana dia hiady mafy izy ireo satria raha lasany ny amboara dia sambany no misy firenena tatsinanana any Eropa no hahazo izany amboara malaza erantany izany. Ho an'ny fiadiana ny laharana faha 3 kosa dia anio alina no ho tanterahana ny lalaon'i Angletera sy Belzika, lalao izay heverina fa hiady ihany koa.

***Rina Rabemananjara***



*Modric sy Mbappe, samy hiady mafy.*

**Vakinankaratra**

## Tovolahy iray niharan'ny fitsaram-bahoaka tao Mahaiza

Raikitra indray ny fitsaram-bahoaka tao amin'ny kaominina Mahaiza, distrikan'i Betafo satria dia tena efa tena leom-boanana amin'ny tsy fandriampahalemana sy ny halatra ny mponina, ny fitsarana sy ny mpitandro filaminana sasany efa tsy atokisan'ny vahoaka intsony. Raha ny tatitra tamin'ny mpitandro filaminana dia tovolahy iray no tratry ny fitsaram-bahoaka io. Andro tsena tamin'izany hoy ny tatitra ka be ny olona mifamoivoy tany an-toerana. Nobatain'ity tovolahy ity ary ny menaky ny mpivarotra iray, tamin'ireny bidon mavo ireny ary nentiny nitsoaka. Tsy vao sambany no itrangan'izany hono tany an-toerana rehefa tsena ka efa nametraka paik'ady ny samy mpivarotra ka sarona ilay zazalahy. Tsy nisy alaharo, fa avy hatrany dia raikitra ny daroka nataon'ny vahoaka. Nisy ihany mpitandro filaminana teo, niezaka arak'izay tratrany niaro sy nisoroka ny tsy hisian'io fitsaram-bahoaka io, saingy niala maina satria izy indray no saika niharan'ny vono niaraka tamin'ilay mpangalatra ary nolazain'ireo vahoaka fa miaro mpangalatra. Nisy mihitsy no efa nanomboka nitoraka ilay mpitandro filaminana teo, ary voatery niala izy satria be noho vitsy rahateo. Vaky loha sady tena naratra mafy mihitsy ilay tovolahy voadaroka, ary rehefa hitan'ny vahoaka io fahavoazany io, dia niala ny vahoaka izay efa nieritreritra fa maty rahateo ilay tovolahy. Nisy olona tsara sitrapo kosa mba naka ilay voadaroka na dia efa noheverina fa maty aza izy, saingy rehefa nojerena dia mbola nisy aina, ary nentina namonjy hopitaly haingana. Hatramin'ny fotoana nanoratana, dia mbola maraka fitsaboana ilay tovolahy, saingy fantatra fa hisy kosa ny fanadihadiana hisokatra momba io, na izay nanao ny fitsaram-bahoaka na ny nangalatra. Milaza ny tsy hanaiky rahateo ny fianakavian'ity tovolahy niharan'ny fitsaram-bahoaka ity.

***Solohery***

### TONONKALO

## Any ianao ry ingahy Ragaty

Manoloana irony teny izay napetrakao Ragaty,
Izay somary nanamafy fa tsy mihemotra ny daty,
Dia milaza koa 'zahay fa tsisy maharatsy izany,
Saingy mandiniha aloha: alao ambony , alao ambany .

Fa tsy ny avonavom-bava izay nataonao Ramose,
No hampiverina hiasa anay rehetra mpanabe.
Tsy vitsy mantsy taminay no tonga fofona am-pitoerana,
Noho ianao toa tia mandainga sady tsy ampy fiheverana.

Ny fanapahana karama , miampy teny fandrahonana,
Dia vao mainka tsy hahafoana fa hampitohy ny fitokonana.
Teny tsotra no irina , filaminana no ilaina
Saingy tsy eny am-bavanao ka mahalasalasa saina.

Tsara ny mifampidinika amin'ny fo sy saina tony.
Vahaolana no ilaina , ny avonavona ajanòny.
Sanatria tsy ny eboebo no hanandratra ny tena,
Fa ny fanajana ny hafa , tena dingam-pahendrena.

... Koa dia avadiho impito izany lela re Ragaty,
Dia andeha ka atsaharo irony hevitra poakaty.
Samy mpanabe isika ka ny saina no ampiasao,
Dia aza tia manao bontolo toy ireo hery vaovao.

***DADAN'i RIANA (12-07-18)***

## Sakafo Ny Valosoa




Orana na écrevisse saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty sy ro matsatso miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny fomba natoraly fitsaboana vavony

Fomba natoraly fitsaboana vavony indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Misotroa ranon'ovy matetika :



-sasao tsara ny ovy manta,
-kikiso ny ovy iray manontolo,
-fihazo tsara mba hahazo ranony,
-sotroy vao maraina vao mifoha iny ranony manta iny (aza hafanaina, aza atao bain-marie akory).

Raha efa tena marary be (ulcère sanatria) manaova cure herinandro mijanona herinandro dia manao indray herinandro mandritra ny 1 volana. Rehefa tsy dia marary matetika intsony dia ataovy herinandro isam-bolana dia ahenao tsikelikely. Miaraka amin'izay anefa dia mila mijanona ny sakay, sigara, toaka... sy izay excitant rehetra manjary tsy mety sitrana ianao.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Toliara



Ny tanànan'i Toliara renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin' ny gazetinao androany. Izy no tanàn-dehibe indrindra any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy. Avaratra kely ny Tropique du Capricorne no misy azy. Manana seran-tsambo koa izy, 951 km miala an'Antananarivo no misy azy, ny lalam-pirenena faha-7 (RN 7) no mankany. Tamin'ny taon-jato faha-XVII tany no nahitana anarana Tolear tamin'ny sarin-tanin'i Van Keulen (1689). Fa anisan'ny nahatonga ny anarany koa araka ny voalaza ny hoe: fitoliana na fitodiana sy ny Ankatsakoa ihany koa. Ny nanaovana azy ho anarana teny Frantsay dia nitranga voalohany tamin'ny taona 1875. Teny filamatra any ny hoe: Fiherenana no maha Toliara, izany hoe ny reniranon'i Fiherenana no maha-Toliara an'i Toliara satria manondraka azy ity renirano ity. Misy vatohara na récif-barrière mirefy 18 km ny halavany ary 3 km ny sakany manaraka ny moron-dranomasiny. Ny tanànan'ny Masoandro na Ville du Soleil koa no fiantso azy satria mahazo tara-masoandro mandritra ny 3600 h izy isan-taona, izay be indrindra eto Madagasikara. Tanàna mafana noho izany i Toliara, 25°C eo ny salan'ny mari-pana any an-toerana, somary maina ny toetrandro satria latsaky ny 400 mm ny rotsak'orana isan-taona. Misy ny rivotra mitsoka antsoina hoe Tiokaatimo any an-toerana amin'ny fotoana tena main any volana mey ka hatramin'ny septambra. Ny vezo izay mpanjono no foko any, saingy hita any avokoa ny foko misy eto amin'ny Nosy. Tanàna malaza ho tsimiroro na tsy matory ny mponina any an-toerana amin'ny alina.

## Isaia 42: 8-9

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***Isaia 42: 8-9 " Izaho no Jehovah, Izany no Anarako, Ka ny Voninahitro tsy homeko ny hafa na ny fiderana Ahy ho an'ny sarin-javatra voasokitra. Ny amin'ny zavatra taloha dia indreo efa miseho; zava-baovao kosa no toriko izao; na dia tsy mbola miposaka aza ireny dia ambarako aminareo."***

Ho an'ny mponin'ny tany tsy ankanavaka, indro ny Teniko no entiko mampitodika anareo AMIKO JEHOVAH. Ny Heriko no asehoko ho hitan'izao tontolo izao ka dia hiaiky izy. Indro ny Fahefako no entiko hanafaka ny tany sy izay eo aminy. Ny Voninahitro no arakotro JEHOVAH ny tany ka samy hahita izany izay rehetra monina ambany masoandro. Marina ny fisiako ary zava-miafina ny momba AHY sy izay aty an-danitra, fa mora sy azo atao indrindra ny miara-mandeha AMIKO. Manana FIAINANA AHO azoko zaraina amin'izay tia AHY sy MATAHOTRA AHY. Tsy maintsy hifarana izao fomba ratsin'ny tany izao kanefa dia mampieritreritra ny fiafaran'ny mpaniratsira sy ireo tsy mankato. Voafetra ary misy farany avokoa ny fiainan'ny zanak'olombelonaka. Te hanontany ny isam-batan'olona AHO JEHOVAH manao hoe: ahoana ny momba anao sy ny fanantenanao ny fihavian'I JESOSY fa tampoka ny zavatra rehetra izay voasoratra ary maro ny zava-miafina izay tsy fantatrareo olombelona, anisan'ny nanganganako mpaminany koa izany? Azo aseho aminareo avokoa ny zava-miafina. Ao no tokony hitandremana, ao ny tsy maintsy ekena sy mananatra, manitsy. Ao ny tsy maintsy ankatoavina. Sambatra izay miaina miaraka amin'ny zava-miafina ao amin'ny FANJAKAKO, fa ireny dia hahita ny Voninahitro. Ny atao hoe: Voninahitro dia ny Heriko, ny Fahefako, ny Fanapahako, an-danitra sy an-tany ka tsapan'ny olona, ekeny, hajainy, ankatoaviny. Ny atao hoe Voninahitro dia ny Fahaizako, Fahasoavako, ny Fitiavako, izay rehetra aty an-danitra ka ampidinina eo aminareo. Ny fisian'io VONINAHITRO io no ilazana hoe: LEHIBE AHO, MAHAGAGA, TSITOHA, MAHERY. Mba fantatrareo ve? Tsy maintsy hifarana ny fomban'ny tany, inona moa izany? Ireo fiainana mampahory anareo ireo, ireny dia manakana ny Voninahitro tsy ho hitanareo. Araky ny efa nambarako taminareo hatrizay hoe: ho avy AHO hamboatra, hanavao, handamina ny zavatra rehetra. Ny "ASA" voalohany amin'izany dia ilay "FIFOHAZAM-PANAHY". Izany aloha no "TANJONA". Averiko ihany: Fametrahana an'I JESOSY ao ampon'ny olona, arak'izay voalaza ao amin'ny Lioka 17: 20-21; Tandremo an! Tsy hita maso izany, tsy toy izay hitako eo aminareo ankehitriny izao. Izany JESOSY izany: tsy tadiavinao any amin'ny firenen-kafa, tsy alaina any amin'olona, tsy vidiana na atakalo, tsy atao fitadiavam-bola sy harena, tsy fitaovana hampanankarena, tsy hatao hampiady, tsy mampiavonavona, tsy miteraka fialonana, tsy mitondra fitabatabana sy fanilikilihana ary fisaraham-bazana izany, tsy misy fizahan-tavan'olona na fanambarana tena ho zavatra na lohany na tsy misy toa azy. Fa indro hiara-hitady ny Voninahitro ny mponin'ny tany. Noho izany, aza misy mirehareha, aza misy misandratrandratra fa hoy JESOSY raha nanontany AZY ny mpianatra: Tompoko amin'izao va no hampodianao na hamerenanao ny FANJAKANA ho an'ny Israely??? Hoy IZY, tsy anareo ny hahalala ny andro na fotoana izay notendren'ny Ray amin'ny Fahefany ihany. Asan'ny Apostoly 1: 6-7. Fa hoy koa IZY : Asan'ny Apostoly 1: 8 "*Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'I Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany"* lo ary fa manangasanga izany fotoana izany. Ry Fiangonana o! Ry mponin'ny tany o! aza mandeha raha tsy miombona, raha tsy miray saina, aza miteny raha tsy misy baiko, ary aoka hiandry ny filatsahan'ny Fanahy Masina eo aminareo, satria Izy irery ihany no afaka hiteny aminareo sy hanolo-tsaina ary hitari-dalana anareo hahato sy hahatanteraka ny Programako ambany masoandro. Indro izany Fifohazam-panahy farany ambany masoandro izany dia voalaza fa ny fotoana fotsiny sisa no andrasana. Koa miomana ry mponin'ny tany fa ny mbola tsy nisy teo aminareo ambany masoandro no hisy. Ny antony??? Ny dikany??? Aoka izay rehetra efa manana an'I JESOSY ao anatiny hiombona sy hiray saina fa azoko lazaina toy izao ianareo : JESOSY = FANJAKANA. Ianao izay efa manana an'I JESOSY dia efa ao aminao izay Ilay FANJAKANA ao anatinao (Fanjakana voalohany) ampitainao amin'ny ankohonanao izany (Fanjakana faharoa) ampitainao amin'ny hafa indray izany (Fanjakana fahatelo). Tandremo sao misy miady hevitra indray hoe: fa firy indray ilay Fanjakana??? Fomba hanazavako azy izany fa TOKANA ihany ilay FANJAKANA fa mila anareo mihetsika sy mahalala. Fa hahazo HERY aloha ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo e! dia ho vavolombelon'I JESOSY maneran-tany. Vakio koa izao dikan-teny sy soratra manaraka izao: Jerosalema= ny tenanao izany; Jodia = ny ankohonanao sy ny mpianakavinao, Samaria = ny firenenao; ny faran'ny tany = izao tontolo izao. Mila miomana amin'izany ary ianareo fa ny fiafaran'izany??? Ambarako JEHOVAH aminao: Tokana tsy mizarazara ny zavatra, ny fombako JEHOVAH no atao. Tokana ny FANJAKAKO iarahanareo miaina ambany masoandro. Tokana ny MPANJAKA dia JESOSY KRISTY irery ihany no hiankohofanareo sy harahinareo satria IZY tsy hita maso fa ao anatinareo ka rehefa ho avy eny amin'ny rahon'ny lanitra IZY dia izay mitahiry AZY ao anaty no tafakatra aty amin'ny toerana izay efa nomaniny ka aza misy manao ankambo sy malaindaina. Amin'izany fotoana hisehoan'ny voninahitro izany ve??? Miverina AMIKO MPAMORONA ny zavadrehetra. Enga anie ianareo haharitra amin'ny FANAMBARAKO dia tsy lavitra anareo ny FAHAMARINANA.

JEHOVAH no Anarako ary ny VONINAHITRO tsy omeko ny hafa.

Amen!

HALELOIA!

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

## SAMPANA MPAMONJY VOINA (CUA)

# Tontosa ny famindram-pahefan'ny lehibeny teo aloha sy vaovao

Tontosa omaly teny amin'ny Tobin'ny Sampana Mpamonjy Voina Tsaralalàna ny fifamindram-pahefana teo amin'ny lehiben'ny komandin'ny Vondrona Sampana Mpamonjy Voina an'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) teo aloha, ny Commandant Rakotondrabe Jean Fidèle, sy ny vaovao Commandant Ramanoara Francky Daniel. Tonga nanatrika izany lanonana izany teny an-toerana ny mpiara-miasa avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, ireo mpamonjy voina efa nisotro ronono, ny ekipan'ny mpamonjy voina am-perinasa ary ireo fianakavian'ireo lehiben'ny Kaomandin'ny mpamonjy voina. Nandritra ny fandraisam-pitenenan'ity Lehiben'ny Kaomandin' ny Mpamonjy voina vaovao ity ny Commandant Ramanoara Francky Da-



*Ny fifamindram-pahefana tao amin'ny Pompier Tsaralalana.*

niel dia nanambara izy fa nahatratra 1270 ny isan' ireo asam-pamonjena izay notanterahan'ny sampana mpamonjy voina nandritra ny taona 2017 ; amin'izao fotoana izao kosa dia efa tafidítra tanteraka amin'ny fiomanana amin'ny fiatrehana ny fiavian'ny fahavaratra 2018-2019 izy ireo. Tsy dia nahafa-po loatra ny vahoaka hoy izy ny asa famonjena teo aloha noho ny tsy fahampian' ireo mpamonjy voina, nanampy trotraka ihany koa ny tsy fahampian'ny fitaovana ho enti-miasa sy ny fitohanan'ny fifamoivoizana. Araka izany dia maro ireo vina izay ho ezahin'izy ireo ho tanterahina ato ho ato toy ny fananganana toby iray isaky ny boriboritany, ny fangatahana ny mba hampitomboina ny isan'izy ireo, ny fitadiavana fiaraha-miasa amin' ireo malala-tanana mba ho fampitaovana azy ireo ary ny fangatahana fampiofanana mba hampitombo ny fahaiza-manaon'ireo mpamonjy voina. Tsara ny manamarika fa efa ho feno 70 taona atsy ho atsy ny sampana mpamonjy voina eto an-dRenivohitra. Ny Sampana mpamonjy Voina dia tsy mitsahatra ny manentana ny vahoaka hiantso ny laharana 118 raha vantany vao misy ny loza ; eo ihany koa ny fangatahana ny fiaraha-miasa amin'ny tsirairay mba samy handray ny andraikitra tandrify azy amin'ny asa famonjena voina.

***Aly***

## Boriboritany faha-V (CUA)

# Nametaka ampoule tamin'ireo fokontany miisa 27

Takamoa (ampoules) 443 isa no napetaka eny amin'ireo andrin-jiro any amin'ireo fokontany 27 ao anatin'ny Boriboritany fahadimy Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ary nisy ihany koa ireo napetaka tao amin' ireo toeram-piasana teny Ambatomaity. Ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny Boriboritany sy ny Direction des Travaux Publics (DTP) avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ary ny Jirama no niara-nisalahy nanatanteraka ny asa nanomboka ny 21 Jona ka hatramin'ny 11 Jolay 2018 teo. Izao no natao dia ny mba hitandroina ny filaminana eny anivon'ny Fokontany rehefa hariva araka ny toromarika nomen-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, satria miezaka mandrakariva izy ny hanasoa ny fiainan'ny vahoaka eny ifotony.

***Aly***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**FFKM** : Fikamban'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara. Fikambanan'ny fiangonana kristianina miisa 4 : katôlika, protestanta FJKM, anglikanina, loterana. Ny FFKM dia tarihin'ny solontenan'ireo fiangonana efatra ireo, ary ny filoha an'izany fikambanana izany dia avy amin'ireo solontena ireo izay miova isan-taona.

**FJKM** : Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara: Fikambanan'ny fiangonana protestanta niforona tamin'ny 10 août 1968 tao Toamasina.

**Flottement des taux de change** : Miankina amin'ny tolotra sy tinady ny sandam-bola. Mifanohitra amin'ny sandambola voafetran'ny fanjakana teo aloha. Tao aorianan'ny krizy lehibe tamin'ny 1991, dia anisan' ny fepetra nangatahin'ny Tahirim-Bola Iraisam-pirenena ny fampiharana ny sandam-bola malalaka teto Madagasikara. Ny fitotongan'ny sandam-bola malagasy teo no eo no vokatr' izany fepetra izany, avy hatrany dia nitombo ny fahantrana noho ny fiakaran'ny vidim-piainana.

**Fonction publique** : Fitambaran'olona mpiasa raikitra misahana asa aman-andraiki-panjakana sy ny vondrona itsinjaram-pahefana. Maro karazana ny sata mifehy ny fonksiônera : ao ny fonksiônera miasa eo anivon'ny foibem-panjakana ( eny amin'ny ministera na biraompanjakana ohatra), ao ireo mpiasa manao asa an-tselika eny amin'ny ministera sy ny sampan-draharaha eo ambanin'ny fifehezan'ny ministera, ao koa ireo mpiasa eny amin'ny kaominina izay manana sata manokana.

**Fondamentalisme** : Fandikana ara-bakiteny amin'ny fomba hentitra ny soratra masina na ny firehan-kevitra fototra. Tsy manaiky fitsekerana na ady hevitra momba ny finoany sy ny fomba amam-panaony ny olona miaro izany fandikana mahery vaika izany. Tsy ny fivavahana na ny firehan-kevitra no mahery vaika fa ny olona no mahatonga izany.

**Fonds monétaire international (FMI)** : Tahirim-bola Iraisam-Pirenena dia rafitra iraisam-pirenena misy firenena 188 mpikambana maneran-tany. Ny Tahirim-bola Iraisam-Pirenena no mampiroborobo ny fifanakalozana ara-bola, miady ho an'ny fahamarinan-toeran'ny tsena ara-bola, ara-toekarena ho entina miady amin'ny fahantrana. Mampindram-bola ireo firenena sahirana ara-bola ka mety manozongonzona ny rafipitondran'ny firenena. Noforonina ho an'ny fanamorana ny varotra iraisam-pirenena ny rafitra tamin'ny volana Jolay 1944 nandritry ny fihaonambe tany Bretton Woods. Tsy maintsy manaraka ny fepetra atolotry ny Tahirim-bola Iraisam-Pirenena ny fisamborana vola ao amin'ny Tahirim-bola Iraisam-Pirenena ; anisan'izany ny Fanitsiana aradrafitra.

**Force de frappe** : Fomba fiteny maneho ny fampihenana ny fiankinan'ny Fiarovana nasionaly frantsay amin'ny tafika OTAN izay tarihin'ny amerikana. Teo amin'ny taona 1970 vao raikitra ny « force de frappe». araka ny didy hitsivolana nivoaka tamin'ny 19 Janoary 1964, ny Filohan'ny Repoblika ihany no hany manana fahefana hampiasa ny « force de frappe », izany hoe ny mampiasa ny fiadina nokleara.

***Fetra Ramamonjy***

FITRANDRAHANA MÔNAZITA

## Mampimenomenona ny mponin'i Faradofay

Tsy hijanona fotsiny amin'ny fitrandrahana fasimainty ny Rio- Tinto/QMM fa mbola mitady sy mikaroka ny vokatra na akora hafa lazaina fa mandoza dia ny Monazita. Famonoana ny mponina indrindra ny sahirana ara-pivelomana no dikan'izany hoy ny fanehoan-kevitra any Faradofay. Maro ireo mahatsiaro tena fa voafitaka noho ny fipetran'ity orin'asa kanadiana ity. Tsy ny fahasimban'ny tontolo iainana fa eo koa ny aretina maro karazany izay tsy fahita hatramin'izay, aretina tsy mbola ahitana fiarovana.

Araka ny fanadihadiana, ny sarambabem-bahoaka ny antitra sy ny ankizy vao teraka ary ireo vehivavy bevohoka no mitondra faisana. Hitrandraka mônazita amantaoniny isan'andro, ankoatra ny fasimainty ity orin' asa ity ka manahy ny mety ho voka-dratsy haterak' izany ny ao Anôsy ao. Na teo aza ny fanadihadiana ara-tontolo iainana talohan'ny hitrandrahana, nanaraka ambokony ny Malagasy, tratry ny tian-kano tsy tian-kano. Fehiny noho ny antony ara-pahasalamana, tsy milamina ny any Anôsy.

***Mangarahara***

Vola taratasy maro karazana

## Tena miteraka olana sady manahirana ny vahoaka

Anarany foana no eksipera ny mpitondra, fa ny vola taratasy maro karazana nefa mitovy sanda izay ampiasaina eto Madagasikara dia ahitana fa be ny tsy mety aterak'izany. Manahirana ny vahoaka ny mikirakira vola roa samy hafa nefa mitovy sanda. Mampitombo ny mpanao vola sandoka koa tato ho ato ny fisian'ny vola 10000 ar, 5000 ar, 2000 ar, 1000 ar karazany roa. Sahirana ny olona manatitra vola eny amin'ny banky satria tsy maintsy sarahina ireo vola vaovao sy tranainy na dia mitovy sanda aza, vao mety handray sy hanisa izany ny ao amin'ny banky. Sahirana toy izany koa ireo mpandray vola satria mandany fotoana ny manisa ireny vola ire-



ny ary miteraka fitohanana sy filaharana be matetika noho ny fahelan'ny fandaminana sy ny fanisana azy ireny. Toa zavatra maivana angamba izany hoy ny mpitondra, nefa dia miteraka olana sy fandaniam-potoana etsy sy eroa. Hatreto anefa dia mbola tsy nambara mazava hoe rahoviana no hifarana ny fampiasana ny vola tranainy izay mbola mifamezivezy ary misy mihitsy aza amin'ireny no tena vao navoaka toy ny vaovao fa tsy mbola niasa akory.

***Ny Valosoa***

Kolontsaina

## Tsinana omaly 13 jolay ny volana Adaoro

Amin'ny Alimanaka Malagasy na ny fanisanandro Malagasy dia tsinana ny Volana Faha-2 Malagasy ADAORO izay Tsinana omaly Zoma 13 Jolay 2018 tamin'ny ny 5 ora 49 min ny Volana ADAORO : oran'i Madagasikara. Varatra sy Masoandro ary aviavy, no Adaoro. Andro malaza izany.

- Ny zaza teraka **ADAORO** : ny loko : mavo no sahaza azy. Ny Ankapobeny: vintana eo amin'ny lafin-dridrina atsinanana, antsimon'ny Alahamady, Andro afo halambaratra ka izany no androboroboana ny zaza teraka Adaoro; na ny trano naorina Adaoro, ho fialana faran'ny lohany, satria vintan'ny ho MAY. Olona tokam-po tsy manampo afa-tsy rano ohatra ny siny. Ny teraka Adaoro, mahiratsaina ary basy vava ka tsy resy an-daharana amin'ny adihevitra sy ny kabary. Mahery fo nefa malemy paika sady mahay manangoly, be kabary mirehidrehitra. Maro tsy tia amin'ny vavany, somary malemy tsy azo ny vehivavy teraka Adaoro, mahatsindry fo sy mahalefitra kosa anefa ; ny tsy zakany indrindra ka mahalasa azy ho saro-piaro dia ny fanitsakitsahana ny fitiavany. Ambinina amin'ny filankarena. Andro fivoahana hilaravin'ahitra sy handrato ny Adaoro. Ny zavatra hambolena vava Adaoro, indrindra fa ny talata dia tsy mety ho vola, tsy lafo amidy fa lanin'ny vava fotsiny. Ny Alakarabo no mifanohitra aminy, ny mifanambina aminy kosa dia ny Adimizana sy ny Alakaosy .
-Ny toe-javatra asehon'ny Adaoro : ny teraka Adaoro andro **alatsinainy** dia lasanko vavany fotsiny sy matikambo. Ny zavatra atao eo dia resaka sy rehaka ary lazan-javatra fotsiny ihany. **Ny talata** kosa, dia masim-bava atahorana raha manao fira-vava ; mpahitahita tsindrimandry, andro mahafaly am-boaloany fa ratsy am-parany. **Ny alarobia,** androm-pihinanana, manam-paharetana, maro namana, maro sakaiza. Andro tiam-bavy. **Ny alakamisy** : olona tia lalao sy tapa-kazo, ody fitia: raha lehilahy tohanam-behivavy, ary mpandova vehivavy ; fa raha vehivavy kosa, dia azon-dehilahy ratsy toetra. **Ny Zoma** : andro mahavelo-marary, mety tsara amin'ny raharahampitsaboana ; ny raharaha atao eo manesy ny namana nefa kosa asesin'ny namana. Ny **sabotsy** : olona tsy dia lava andro, raharaha tsy mety mateza ; tsy tsara hanaovana fanambadiana ny vava Adaoro, tsy mba misandratra fa mirorona eo amin'ny fiainany ny fanambadiana eo, miteraka anefa fa sahirana eo amin'ny fameloman'jaza.

Aretimpo sy mpamely ny loha no aretin'ny Adaoro, satria miasa saina am-po amin'ny fiheverana ny teny ambarany izy. Raha Adaoro no andro talata dia tsy isantarana hivoahana handehanan-davitra fa maha-ela, sy lava dia . Eo amin'ny Adaoro no ametrahan'ny Ntaolo ny fatana . Ambininkarena ny Adaoro raha mahay mifehy tena. Tsy tsara hitana ody, fa savihiny ny herin'ny androny. Talata sy sabotsy ny androny. Raha vehivavy no teraka Adaoro dia tsara tarehy, tsara saina sy tsara fo, nefa mahihitra satria, mitsitsy loatra tsy mivadika amin'ny fitiavana, ary azo lazaina ho vady mahatoky. Raha lehilahy kosa, dia miovaova toetra, tsy milaza ny marina, nefa tsara fo, mazoto manampy ny hafa, tsy dia manana loatra eo amin'ny fahatanorany fa manankarena rehefa mipi-bolo.

***Aly***

Vehivavy in-telo nodidiana

## Saiky maty fa avotry ny rano manokana

Volaza fa tratry ny kista amin'ny tranon-jaza ity vehivavy ity. Eto Antananarivo izy ity no mipetraka ary miasa amina orinasa tsy miankina eto ihany koa. Tao anatin'ny iray taona monja dia voalaza fa misy kista ity vehivavy ity ary sady manaikitra izy io no mitombo andro aman'alina ihany koa. Hôpitaly lehibe teto an-drenivohitra no nohantoniny ary efa in-telo saika hodidiana fa natahotra ilay vehivavy ka najanona foana aloha. Tsy vitan'izany fa an'hetsiny no voalaza fa saram-pandidiana azy raha te-ho velona. Teo no nahatonga saina azy mivady ka nitady hevitra haingana sao mba misy mpitsabo afaka mamaha ny olana ihany na dia andoavam-bola be koa aza. Tamina gazety mpiseho isan'andro teto andrenivohitra no nahitany ny nomeraon'i Jessica **03387 395 41** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato, ka io no nanavotra ity vehivavy ity. Vao tonga teny aminy ilay vehivavy ka nitantara ny mahazo azy dia notsorin'ity mpitsabo ity fa nisy namosavy izy, ary tsy hanan-janaka mihitsy raha tsy voakarakara haingana. Notrorin' ity mpitsabo ity tamin'ny menaka aloha ny kibony, avy eo dia nampisotroina rano manokana ihany koa. Miverena afaka telo andro raha mety hoy ilay mpitsabo fa ho hitanao ny fiovana. Afaka telo andro tokoa dia niverina ilay vehivavy ary nilaza fa nihena ny fivontosana, ary tsy nanaintaina intsony ny kibony. Notohizana ny fisotroany ilay rano, ka in-telo niverina teny amin' ity mpitsabo ity izy dia nilaza fa sitrana tokoa. Niaiky izy fa saika lany vola be sy voadidy antsy fotsiny, nefa dia sitran'ny rano manokana teny Mandrosoa Ivato. Salama tsara izy ankehitriny ary efa mitoe-jaza iray volana taorian'ny fikarakarana. Efa manaraka fisafoana eny amin' ny mpampivelona izy izao ary miandry fahaterahana sisa. Nisaotra manokana ity mpitsabo ity izy mivady satria saika lany volabe, nefa dia sitrana tsy nandoavam-bola be akory fa fanomezam-pahasoavana manokana teny amin' i Jessica mpitsabo no nanasitrana azy tao anatin'ny fotoana fohy monja.

***Namana***

Mpianatra tratry ny manara-mody

## Mitrifana isaky ny mena masoandro

Isaky ny hariva, indrindra rehefa mena masondro dia midongy tsy mety mihinan-kanina ary te-hivoaka ny trano foana ity kalakely ity. Tao anatin'ny iray volana izay hoy ny reniny no nanao an'io izy nefa tsy mety miresaka izay tena marina fa tezitra izy ary mila handrangotra sy manompa mihitsy raha vao manatona azy ny olona. Tsy hitanay izay atao hoy ny reniny fa izay mba natoron'ny olona hoe manatona mpitsabo dia efa mba nataonay fa tsy nahitana mangirana mihitsy. Tsy ireo ihany hoy izy fa efa nanatona dokotera ihany koa sao aretina hafa ilay izy nefa dia tsy misy fiovana mihitsy. Sady lany vola izahay no very fotoana sy hevitra hoy ny reniny ka naleonay nanatona teny amin'i Madame Noelah mpitsabo eny amin'ny 67 H atsimo rehefa azo antso tamin'ny **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** izy io satria malaza amin'ny haino aman-jery ny fahaizan'io mpitsabo izay mitsabo aretina, na olana samihafa tsy voavaha io ka mila fanampiana sy fitsaboana haingana. Nihaona tokoa moa izy telo mianaka ny ampitson'ny andro niantsoana azy io.

### Tsy nanaiky dia namosavian'ilay ndaty ilay kalakely

Vao nihaona izy telo mianaka dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Tany am-pianarana no nahazoany io aretina io hoy izy satria niaraka tamin'ny namany izy no nifananihany tamin'ny ndaty avy any atsimo. Nisavitsavika azy mihitsy io zanakareo io hoy izy ary ny haka vola fotsiny no tanjony tamin'izany. Tsy izay anefa no tian'ilay ndaty hoy ilay mpitsabo fa te-hiaraka aminy izy nefa tsy neken'ny zanakareo. Azon'io ndaty io anefa ny volony hoy ilay mpitsabo ary io no nafangarony tamin'ny fanafody ratsy. Vao nembohin'io ndaty io fotsiny ny anarany hoy izy dia tsy maintsy mivoaka ny trano izy ary te-hanaraka olona foana. Manaramody no mahazo azy io hoy ilay mpitsabo ary tsy sitrana io raha tsy karakaraina haingana satria ho simba ny zanakareo. Fanafody fanefitra no nampitondrain'ity mpitsabo ity ny reniny, nisy hafatra manokana tsy maintsy narahina ihany koa ary nalefa nody izy mivady. Vao tonga tany an-trano anefa ka nampiasaina izay voalazan'ny reniny dia zavatra hafa no nitranga satria saika nitsambikina teo am-baravarankely ilay mpianatra saingy voasakana ka tavela ihany. Nivoaka zavatra hafahafa izany ny vavany ary anaran'olona tsy fantatra no noteneniny. Notohizana ny fitsaboana ka minitra vitsy taorian'izay dia nahatsiaro tena ilay kalakely ary niresaka tamin-dreniny. Notantarainy avokoa ny zavatra nataony ary teo vao fantatra fa tena mosavy tokoa no nahazo azy. Taorian'izay dia sitrana ilay kalakely ary efa niverina nianatra ankehitriny rehefa nahazo fikarakarana manokana teny amin'i Madame Noelah.

***Ny Akama***

## Taratasin'ny mpamaky

Mpampianatra ny tena fa rehefa miakatra ny hafanan' ny fo dia ila tsy ho voafehy ny vava fa te hanompa. Isak'izay manao antso avo ny mpitondra dia milaza hatrany hoe AZA ATAO SORONA NY ZAZA MALAGASY toy izany koa ny tenin ireo Ray amandReny fohy saina tsy mahalala afatsy ny azy sy ny zanany. Fa mba te hanontany anireny olona ireny aho hoe: heverinareo fa manao kilalao ny fiainan'ny zaza ve izahay raha mitaky? Iza no tena miziriziry mampikatso ny toe-draharaha, izahay mpitaky ny zonay ve sa ny mpitondra tsy te hanome ka mamilafila? Miharihary teo ambany masonareo hatrizay ny fanaovana zanak'Ikalahafa ny mpanabe na samy mpiasam-panjakana aza. Mba hitanareo ny fijaliana sy ny fahambanian'ny fari-piainan'ny atao hoe Mpampianatra. Mba nahita mpiasan'ny finance na douane na administrateurs nitrosa vary teny amin'ny mpivarotra ve ianareo?
Mba nahita mpiasan'ny fitsarana ratsy lamba, ratsy trano, sns... ve ianareo? Mba nahita tafika na zandary na polisy sady manao asa amin'ny maha- miaramila nefa koa mandeha mivaro-boanjo ve ianareo?sns... tsy voatanisa. Ireo fijaliana ireo anefa dia hita eo amin'ny mpampianatra avokoa. Ezaka lehibe no efa ataon'ny fanjakana hoy ny Pm. Ezaka lehibe toy ny ahoana izany azafady??25000 ariary? Andriamatoa hajaina Pm oh !Mba hoatrinona loatra ny karamanao na dia tsy fanontany aza izany no dia 25000 ariary no lazainao fa ezaka lehibe? Inona no vitan'izany amin'izao vidim-piainana miakatra be izao? Ny sasany mitaky,vetivety ianareo mamaly. Fa rehefa ny mpampianatra no mikiakiaka dia lazaina fa ratsy fanahy manao sorona ny zaza. Ho sahy hiteny ve ianareo ireo fa TSY TIA NY ASANY NY MPAMPIANATRA? Aza mifandrebireby re Tompoko oh!

***Mpampianatra Mitaky Ny Zony***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**07/07/18 hatramin'ny 14/07/18**

- **MAHAMASINA**, tél. 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA**, tél. 020 22 285 04 / 020 22 694 12
- **ANDOHATAPENAKA** (route MDP), tél. 020 22 670 70 / 034 02 670 70
- **AMPANDRANA**, tél. 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA), tél. 020 22 229 86 / 034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 788-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

CUA

# Efa mivoaka ny fandoavana ny hetrantrano 2018

Ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mampafantatra antsika vahoaka ato anatin'ny Boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra, fa efa nivoaka ny Hetran-trano 2018. Entanin'ny CUA isika noho izany handoa izany eny amin'ny fandoavan-ketran' ny Boriboritany misy azy avy. Izay mbola tsy nahefa ny hetra dia afaka manatona izany. Ny "Quittance" manankery dia izay omen'ny tompon' andraikitra eny amin'ny boriboritany fandoavan-ketra ihany. Raha misy fanamarihana manokana na fanazavana hafa mikasika izany dia afaka manatona ny varavarana laharana faha-82 rihana faha-3 eny amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely na eny amin'ny Boriboritany misy azy avy . Marihana fa efa nisy ny taratasy fampahatsiahivana ho an' ireo mbola tsy nahaloa izany teo aloha. Adidy tokony hefaina ny hetra hoy ny CUA ho fanatsarana hatrany ny tanànan'Antananarivo, izay Soa Iombonan'ny Malagasy.

***Aly***

Fiompiana

# Tafakatra 400 Ar latsaka ny vidin'ny atody akoho eny am-potony

Faly sahirana ny tantsaha mpiompy eny ambanivohitra satria tsara vidy ny atody akoho ankehitriny. Raha toa ka telonjato Ar mahery fotsiny ny atody iray teny amin'ny mpiompy teo aloha, dia efa tafakatra efajato latsaka izy ankehitriny. Mbola manatombo io vidiny io eny amin'ny mpanjifa. Amin'ny ankapobeny dia any amin'iny faritr'i Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo iny no tena mpiompy akoho manatody lava, ankoatry ny eny Ivato, Ambohidratrimo, sns… Lafo koa anefa ny praovandy satria tafakatra arivo ariary mahery ny iray kilao izao. Na izany aza dia mahazo tombony foana aloha ny mpiompy ankehitriny satria lafo ny atody raha oharina amin'ny teo aloha. Ny ambonin'izay dia ny vaksiny sy ny fanafody raha misy marary, saingy tsy dia lafo loatra aloha raha oharina amin'ny vidin'atody ihany. Sambany tamin'ity taona ity no lafo toy izao ny atody raha oharina ny tamin'ny taon-dasa na dia mitovitovy ihany aza ny vidin'akora fanaovana praovandy. Tsy nampiova ny mpanjifa ny fividianana atody na dia andro fianarana aza fa tsy toy ny isan-taona. Eny Antohomadinika Antananarivo no tena tsenan'ny tantsaha amin'ity resaka atody ity, saingy maro ihany koa ireo manondrana any amin'ny faritany.

***Rajo***

Fitantanam-bola eto Madagasikara

# Nomen'ny USAID solosaina sy fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro


Efa hatramin'ny fiandohan'ny taona 2016 no manampy ny Ministeran'ny Vola sy ny Tetibola (MFB) ny Biraon' ny Fanampiana ara-Teknika (OTA) ao amin'ny Sampandraharaha Amerikana mikirakira ny tetibolam-panjakana (Trésor), hanatsarana ny lamina momba ny vola sy ny tetibolam-panjakana eto amin'ny firenena, sy hananganana kaonty manokana sy tokana ho an'ny fikirakirana vola eto Madagasikara. Ao anatin'izany fiaraha-miasa izany, ny USAID dia nanolotra solosaina 45 sy fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro 25 izay hamatsy herinaratra ny biraom-paritra sy hanamafy orina ny fitantanam-bola amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fivezivezen'ny vaovao eo amin'izy ireo sy ny ministera eto Antananarivo. Misy biraom-paritry ny ministeran'ny vola sy ny tetibola any amin'ny distrika 113 eto Madagasikara, saingy araka ny fanadihadiana natao dia tsy tomombana ny fahazoana herinaratra any amin'ireny toerana ireny, toy izany koa ny fifandraisana amin'ny Internet sy ny fahanterana na ny tsy fisian'ny fitaovana, izay mametra ny fahafaha-manaon'ireo birao any ivelan'i Antananarivo ireo. Misy fiantraikany eo amin'ny fanatontosana ny raharaha ara-bola sy mampiadana ny fahavitan'ny asa izany. "Mahomby ny fikirakirana ny tetibolam-panjakana sy ny fanatanterahana ny tetibola rehefa azo antoka ny tambazotram-pifandraisana," hoy Andriamatoa Chris Milligan, Tale Jeneraly mpisolo toeran'ny USAID Madagasikara . Ireo takelaka solaire ireo mantsy dia hamatsy herinaratra fanampiny ho an'ny biraom-paritry ny MFB, ary ny solosaina kosa dia hanampy amin'ny fizaram-baovao sy fandefasana tatitra arapotoana. "Raha vao tafapetraka ny fitaovana dia hihatsara ny fivezivezen'ny vaovao mankany sy avy amin'ny foibem-paritry ny MFB sy ny fitantanana," hoy ny Ministry ny Vola sy ny Tetibola, Ramatoa Vonintsalama Andriambololona.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 243**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0242)


***Mitsivalana***

- Tonga – Na
- Ao – Dim(y)
- Tokana
- Ilay – Dio
- Ti – Kiaka
- Ravao – Ar
- Amy – Tava

***Mitsangana***

- Tatitra
- Mailo (Miv)
- Naka – Vy
- Goaika
- Toy (Miv)
- Dada
- Ny – Vaky (Miv)
- Amboara

### TENY MIFANARAKA **N° 243**




**Mitsivalana**

**1.** Ilazana ny Mpanao, Atao, Iharana **2.** Foto-tenin'ny fialonana – Lavaka (Miv) **3.** Anabavin-dray **4.** Eo amin'ny vatana (Miv) – Bibikely (Miv) **5.** Kapoka – Toetra ratsy **6.** Manapaka volo **7.** Aleha **8.** Miteraka hidihidy (Miv) – Tsy azo atao **9.** Adim-pamataranandro – Vatana (Miv) **10.** Matanjaka – Mamoron-dainga

**Mitsangana**

**A.** Sahabo **B.** Maharitra (Miv) – Eny **D.** Anisan'ny asa soratra **E.** Toetra, petraka – Repoblika **F.** Atsahatra – Mitambatra **G.** Halana **H.** Iry, ila – Vola aloa vidiny (Miv) **I.** Analenelan'ny hehy – Tsy lavitra (Miv) – Vizana **J.** Kianteny – Mangaihay (Miv) **K.** Mpisolo tena – Heloka (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0242

**Mitsivalana**

1 Rehareha 2. An – Lazao 3. Zanahary 4. Alina – Sy 5. Natahotra 6. Roa (Miv) – Rova 7. (L)ainga – Om 8. Fay – Eny 9. Omby – Ditra (Miv) 10. Tiana – Ao

**Mitsangana**

A. Razanay – To (Miv) B. Alao – Amy D. Hanitra – Bà E. Anana – Nify (Miv) F. Hahena G. Ela – Gia H. Haratra – Rà I. Azy – Re – Eto J. Savony K. Tody – Amidy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana nanatrika ny lasy fahatelon'ny dorkasy FJKM Antananarivo Renivohitra tany Imerinkasinina Fanasina.**















